# VAOVAO VITSIVITSY AVY AMIN'NY KOMINOTE

## Pauline, Marion, Morane sy Estelle,

## Tovovavy avy any Lyon (Frantsa) tany Talata Ampano



Tonga ny 5 jolay izy ireo ary nijanona nandritra ny efatra herinandro. Ny tanjon'izy ireo dia fanentanana ara-pahasalamana ary indrindra mampianatra ny fahadiovana amina sekoly vitsivitsy ao amin'ny Distrika.



Ny talata 10 jolay, anjaran'ny Kolejy Stanislas Kostka ny fandraisana azy ireo.Nihaona tamin'ny mpianatra isan'ambaratongany izy ireo. Savony, paty fiborosiana nify, borosy nify no nozarainy.

Samy nahazo ny tsirairay

## Vaovaon'ny trano fitaizana zaza kamboty any Faratsiho



Feno mandrakariva ny trano fitaizana zaza kamboty, misy zazavavy miisa 71, misy ny miditra ary misy ny miala mandritra ny taona. 20 taona ny zokiny indrindra ary 8 volana ny kely indrindra : noraisina manokana ny 2 febroary i Annie kely, tsy nanana kopia fahaterahana niaraka tamin'ny zokiny Florette 6 taona. 3 volana izy tamin'izay ary nilanja 1.5kg satria ny reniny dia voan'ny aretin-tsaina ary ny rainy mararin'ny raboka. Maty talohan'ny Paka.



Marina fa mila fikarakarana sy fitiavana manokana i Annie fa manam-bitana izy fa amin'izao dia tena mahafatifaty, tena saribakoly ary velombelona. Nitombo be izy ary efa milanja 10kg !

Fantatsika tsara fa ny fanabeazana ny ankizy kamboty dia tena sarotra. Tsy maintsy mihaino azy mba hanohana, sy hankahery mba hahafahany 'mijoro' !mila ihany koa ny fijoroanay ho vavolombelona izy ireo(ny masera, ny mpikarakara, ny maintimolaly tonga mitsidika, ny namana associés…), ny fisianay feno fitiavana.

*Noho ny vondrona*
***"Pour que vive Faratsiho"***
***pour-que-vive-faratsiho@wanadoo.fr***
*no ahafahan'ny trano fitaizana ireo zaza ireo mivelona*

